

---

# TARI-DALANA VOAFINTINA HO FANOMBOHANA

## Tanjona ho an'ny fandalinana soratra masina isan'andro



### NY ZAVA-BAOVAO AMIN'ITY TAONA ITY

Manomboka ny 01 janoary 2021, ny mpianatra seminera maniry ny hahazo ny isa tratrarinia amin'ireo taranja dia mila mamaky ny soratra masina natao ho an'ilay taranja ka mahavita farafahakeliny ny 75 isan-jaton'ireo zavatra atao isan'andro ao anatin'ny tetiandro mandritra ny fe-potoana ianarana. (Jereo ny "Zavatra andrasana amin'ny famakiana soratra masina ho amin'ny fahavitana taranja sy fahavitana fianarana" ao amin'ny torolalana misy ireo fitsipika). Afaka manampy ny mpianatra ireo mpampianatra hamita izany amin'ny alalan'ny fanampaina azy ireo hametraka sy hihazona tanjona ho an'ny fandalinana soratra masina isan'andro.



### NY LANJAN'NY FANDALINANA NY SORATRA MASINA ISAN'ANDRO

Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Eo am-pikatsahantsika ny ho mpianatr'i Jesoa Kristy dia vao mainka tokony ho avy amin'ny nahim-po kokoa ny ezaka ataontsika hihainoana Azy. Mila ezaka an-tsitrano sy tsy tapaka ny famenoana ny fainantsika isan'andro amin'ny teniny sy ny fampianarany, ary ireo fahamarinany. . . Ny filomanosana isan'andro ao amin'ny tenin' Andriamanitra dia zava-dehibe ho an'ny fiavotana ara-panahy, indrindra fa ao amin' izao andro hisian'ny fiovana sarotra tsy mitsaha-mitombo izao. Rehefa mivoky amin'ny tenin' Kristy isan'andro isika, dia ny tenin'i Kristy no hanambara amintsika ny fomba hiatrehana ireo zava-tsarotra izay tsy noheverintsika mihitsy ho atrehana" ("Henoy Izy," fihaonamber'ny Fiagonana maneran-tany, aprily 2020).



### NY FOMBA AZONAO HANAMPIANAIREO MPIANATRAO

Afaka manampy ny mpianatra ny mpampianatra amin'ny alalan'ny famolavolana fomba fianarana manan-danja ny soratra masina mandritra ny fotoam-pianarana tsirairay. Isaky ny fiantombohan'ny telo volana tsirairay dia tokony hanome fotoana ny mpianatra ny mpampianatra mba hiresadresaka momba ny lanjan'ny fandalinana soratra masina sy ny fahafahan'izany manampy azy ireo hanakaiky kokoa an'i Jesoa Kristy Mpamony azy ireo. Tokony hamporisihina ny mpianatra hametraka ny tanjon'izy ireo ho an'ny fandalinany soratra masina isan'andro.

Manana anjara asa lehibe ny mpampianatra amin'ny fanampiana ny mpianatra hanatontosa ireo tanjony ho an'ny fandalinany manokana ny soratra masina isan'andro. Afaka manatantreka io anjara asa io amin'ny fomba maro ny mampianatra, ka isan'izany ny:

- Fampiasana ireo soratra masina sy fampianarana avy amin'ireo mpaminany maoderina mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra ny maha zava-dehibe ny fandalinana ny soratra masina isan'andro ho an'ny maha-mpianatra azy ireo manokana sy ny fiovampony ho an'i Jesoa Kristy.

- Fanampiana ny mpianatra hametraka tanjona ho an'ny fandalinana soratra masina isan'andro araka izay mety, sy manan-danja, ary sahaza tsara ny zavatra ilain'izy ireo sy ny fahafaha-manaony.
- Famantarana ny mpianatra sy fanaraha-maso azy ireo tsy tapaka amin'ny traikefa azony amin'ny fandalinany soratra masina.
- Fanomezana fahafahana tsy tapaka ao am-pianarana mba hijoroan'ny mpianatra ho vavo-lombelona momba ny zavatra ianaran'izy ireo sy tsapany momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany amin'ny alalan'ny fandalinan'izy ireo manokana ny soratra masina.
- Fanampiana hatrany ny mpianatra mba ho tompon'andraikitra amin'ny alalan'ny famoronana fahafahana ho an'ny mpianatra mba hanarahan'izy ireo maso ao an-dakilasy ny fandalinany soratra masina isan'andro ao amin'ny application mySeminary na amin'ny fomba firaketana hafa.
- Fanampiana ny mpianatra amin'ny fomba izay mamporisika azy ireo hanenjika ny famitana ny famakiana soratra masina raha latsaky ny 75 isan-jato no isa azon'izy ireo.



## IREO LOHARANOM-PITAOVANA AZON'NY MPAMPIANATRA AMPIASAINA

- Tokony hofanin'ireo mpitarika tompon'andraikitra mpampiofana azy ireo amin'ny alalan'ny zavatra iainana amin'ny fampianarana ireo mpampianatra, na amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra atao isam-bolana. Tokony hamboarina araka ny filana eo an-toerana ity fampiofanana ity rehefa avy naka tolo-kevitra avy amin'ny talem-paritra.
- Misy soso-kevitra azo jerena mikasika ny fanampiana ny mpianatra hirakitran-tsoratra sy hanara-maso ny famakian'izy ireo soratra masina isan'andro ao amin'ny application mySeminary ao amin'ny <https://web.microsoftstream.com/channel/8600711f-29ec-40c8-99d2-c1240a7204ec>.
- Misy fanamboarana azo atao eo an-toerana any amin'ireo faritra tsy ahitana ny application mySeminary.
- Ireo fitsipika hita ao amin'ny fizarana hoe "Asa fanarenana" ao amin'ny torolalana misy ireo fitsipika dia tokony hampiharina rehefa manampy mpianatra iray nahazo isa latsaky ny 75 isan-jato. Misy ohatra amin'ny asa fanarenana amin'ny famakiana soratra masina hita ao amin'ilay andinindininy amin'ny fampiofanana voalaza etsy ambony.

